# Ilay Voa Tsara Nafafy 05 Jona 2018

**5** **Talata**
jona

**Jehovah ô, Ianao no ialofako… Vonjeo amin'ny fahamarinanao aho… Aoka ho vatolampiko fiarovana mafy Ianao sy baterỳ fiarovana hamonjena ahy.** Salamo 31. 1, 2

**Mitoky amin'Andriamanitra**

Ao amin'ny Baiboly, i Davida dia ohatra misongadina maneho ny fahatokiana an'Andriamanitra. Lazalazainy ao amin'ny Salamo ny niainany niaraka tamin'Iay Andriamaniny : „Jehovah no heriko sy ampingako ; Izy no nitokian'ny foko, ka voavonjy aho ; dia mifaly ny foko, ka ny hirako no hiderako Azy" (Salamo 28. 7) ; „Nefa izaho matoky Anao, Jehovah ô ; hoy izaho : Andriamanitro Ianao. Eo an-tananao ny androko" (Salamo 31. 14, 15).

Ahoana no iainantsika amin'ny andavanandro ny hoe fahatokiana an'Andriamanitra ?

— Inoantsika izay ambaran'Andriamanitra ao amin'ny Baiboly. Ny tsirairay dia samy afaka mahatsapa ny fahendrena anambaran'ny Tenin'Andriamanitra ny marina momba ny fanontaniana rehetra mipoitra ao an-tsaintsika ao. Miadana isika rehefa manorina ny fiainantsika eo amin'ny fahatokiana tanteraka ny drafitr'Andriamanitra, eo amin'ny teny fampanantenany sy ny fanafahany !

— Itokisantsika ny fitiavan'Andriamanitra. Tia antsika mihoatra noho ny fetra rehetra Izy, ka nanolotra an'i Jesosy Zanany ho eo amin'ny hazofijaliana, noho ny fahadisoantsika. Izany dia mba hanavotana antsika sy hanaovana antsika ho zanany.

Momba antsika isanandro io fitiavany io, ankehitriny. Na inona na inona toejavatra iainantsika, dia aoka isika hatoky fa ny hanasoa antsika no tadiavin'Andriamanitra. Ray feno hamoram-po Izy, na dia tsy takatsika aza indraindray ny antony ampandalovany fotoan-tsa antsika. Raha mitoky amin'ny fitiavan'Andriamanitra isika, dia hanjaka ao am-pony fiadanany.

„Fialofako sy baterỳ fiarovana ho ahy Izy ary Andriamanitro, Izay hitokiako" (Salamo 91. 2).